

## FAHASALAMANA ARA-PANANAHANA

Mpanoratra: Shawn Peabody

HO AN'NY: MPIASAN'NY ONG, MIASA AN-TANÀ

9







## Teny fampidirana

**Madagasikara dia anisan'ny firenena eran'izao tontolo izao, manana fitomboan'ny mponina malaky, satria ny ankamaroan'ny vehivavy latsaky ny 15 taona dia efa miteraka, ary 5 no mihoatra ny isan'ny zanak'izy ireo. Na eza aza ny fandaharam-pirenena mahakasika ny fampiasana fanabeazan'aizana, ny vehivavy iray ao anatin'ny 5 ihany no manana fahafahana manarak'izany hoan'ny fandrindrany ny fiainam-pianakaviana.**

Any amin'ny tanàna ambanivohitra amorontsiraka dia sarotra tokoa ny famonjena ny toeram-pitsaboana mikarakara ny momban'ny fahasalamana ara-pananahana. Vokatry'izany, maro ireo tovovavy vao 11 taona fotsiny dia efa miteraka, ary mahatratra 16 ny isan'ny zanany rehefa tratra lehibe izy ka izany no maha ambony ny tahan'ny fahafatesan'ny reny sy zaza eo am-piterahana. Ao anatin'ny 10-15 taona, ny fitomboan'ny mponina amorontsiraka dia mitombo avo roa heny ny isany. Izany dia manjary fampitahorana lehibe, ho an'ny faharetan'ny velaran'ny vatohara sy ny toerana an-dranomasina eto amin'ny firenena izay ianteheran'ny fiainan'ny mponona manodidina azy, ny kolontsaina ary ny hoavy eo amin'ny fahatomombanana ara-ekonomikan'ity farany.

Ny fihantsiana momba ny tontolo iainana eo amin'ny tsindry azo avy amin'ny mponina dia afaka afatonka amin'ny vinavinan'ny mponina, ny fahasalamana ara-pananahana ary ny tontolo iainana, eo anivon'ny mpanjono madinika, izay manana filàna tsy ampoizina. Amin'ny alàlan'ny fanantonana ny fitantanana sy ny fahasalamam-bahoaka, ny fifamatoran'ny fahasalamana

ara-pananahana sy ny fampiasana ny harena eo amin'ireo mponina ireo dia azo aroso amin'izany.

Ny tanjon'ity boky ity dia ny hanatsarana ny fahalalan'ny fikambanana mpitantana sy ny mpitarika zokiolona amin'ny faritra rehetra eran'ny WIOMSA, mba hahafahan'izy ireo mampiditra ao anatin'ny asa izay ataony ny fahasalamana ara-pananahana.

## Ny tombony azo avy amin'ny fandrindrana fiainam-pianakaviana (FFP)

Ny fahasalamana ara-pananahana dia zava-dehibe amin'ny fahasalamana an-kapobeny sy ny fanasoavana ny isam-batan'olona, ny mpivady ary ny ankohonana, indrindraindra eo amin'ny fandrosoana ara-toekarena sy sosialy ny vahoaka sy ny firenena. Ny fahasalamana ara-pananahana dia toetra fenon'ny fahatomombanana arabatana, ara-tsaina sy ara-tsosialy, amin'ny lafiny rehetra, ary ny fomba fiasany sy ny fomba fampiasana azy. Ny fahasalamana ara-pananahana dia midika fa afaka manana fiainana ara-pananahana mahafa-po sy azo antoka ny olona irat, ary afaka miteraka sy manana fahalalahana hifidy ny fotoana sy ny isan'ny zaza aterany. Zon'ny lehilahy sy ny vehivavy ny mahalala sy ny mahazo fomba fandrindrana fiainam-pianakaviana azo antoka, mahomby, mora (takatry ny rehetra), araka ny safidiny; toy izany koa ny fomba hafa safidiany handaminany ny fahazoany zanaka/ fiterahany izay tsy manohitra ny lalana, zon'izy ireo koa ny manatona ivo-toeram-pitsaboana, mba hahafahan'ny vehivavy mitondra vohoka sy fiterahana tsy misy atahorana, ary ny manome ireo mpivady ireo ny fomba tsara rehetra entiny ahazoana zaza salama.

## **Fomba fandrindrana fiainam-pianakaviana**

Misy karazany maro ny FFP. Tsara ho marihina fa samy manana ny tombotsoany sy ny lafiratsiny ny fomba fanabeazana aizana tsirairay, maro arak'izany ny safidy mety amin'ny vehivavy na ny mpivady tsirairay. Ny mpitsabo sy ny mpitsabo mpanampy voaofana amin'ny FFP no afaka manampy ny tsirairay hanapa-kevitra mikasika ny fomba maharitra mety aminy. Raha ao anatin'ny ezaka fohy, alohan'ny fihaonana amin'ny mpitsabo, dia afaka ampiasaina ny fimailo, ary raha ampiasaina ara-dalàna sy tsy miovaova, dia manome fiarovana tsara indrindra sady tsy misy fiantraikany ratsy, nefa mora vidy. Ity tabilao manaraka ity dia ahitana ny safidy ankapobeny izay misy:

Hita ao amin'ny pejy fanampiny A ato amin'ity boky ity, ny fijery ankapobeny ny karazana fomba mba hanomezana fijery ny fomba hafa maro azo ampiasaina. Ity pejy fanampiny ity dia atao ampiofanina ny mpanentana na ho an'ireo mpizara fanafody fanabeazana aizana ny mponina, fa tsy atao hanoloana ny tena fitsaboana.

## **Ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo**

### **Ny aretina hita matetika**

Ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo (na MST) dia hita matetika eto Madagasikara, arakany antontan'isa, tsy latsaky ny 50% ny mponina no marary. Ny tena malaza dia ny "gonorrhée", ny "Chlamydia", ny farasisa na "syphilis" ary ny VIH, fa mbola misy 20 hafa. Hatramin'izay, ny fomba fifindran'ny MST matetika dia ny firaisana ara-nofo tsy voaaro. Ankoatr'izay, misy fomba fifindrana tsy mateti-mpitranga toy ny reny bevohoka mifindra

amin'ny zaza (toy ny VIH sy ny farasisa); eo am-pivoahan'ny zaza (toy ny gonorrhée, ny Chlamydia ary ny VIH), aorian'ny fahaterahana (toy ny VIH), amin'ny alalan'ny nono (toy ny VIH) ary ny fampiasana (tsy voadio) fitaovana toy ny fanjaitra tsy azo antoka, ny tsinjona na fitaovana hafa mikasika rà (toy ny syphilis, ny VIH).

Ao amin'ny pejy fanampiny B amin'ity boky ity no ahitana tabilao misy ny fijery ankapobeny ny areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana hita matetika maro. Toy ny pejy fanampiny A, io tabilao io dia atao hampiofanana ny mpanentana na ho an'ireo mpizara fanafody fanabeazana aizana ny mponina, fa tsy atao hanoloana ny tena fitsaboana.

### **Aretina mifindra VIH/SIDA**

Ny fifindran'ny otrikaretina HIV izay miteraka ny Sida dia tsy miavaka fa mitovy fiseho amin'ny fifindran'ny MST hafa. Mifanohitra amin'ny fiasan'ny ankamaroan'ny tsirin'aretina (virus) ny VIH, izy dia miasa milamina, mety afaka taona maro izy vao miteraka aretina. Eo amin'ny 10 taona eo, ny hery fiarovan'ny olona mararin'ny VIH dia lasa mihena tsikelikely.

Ny karazana bakteria, ny virus (poizin'ny sela), ny mycoses (aretina avy amin'ny holatra) sy ny parasites fantatra amin'ny anarana ho "mpitsetsitra", dia manararaotra izany fihenakery izany hamoahany aretina hafa. Tsy misy fanafany ny VIH/SIDA, sady tsy misy fitsaboan ka mitondra any amin'ny fahafatesana.

Voaisa fa 250 000 eo ho eo ny Malagasy voan'ny VIH/SIDA, nefa mihoatra ny 20 000 any Maurice, mihoatra ny 15 000 any La Réunion, mihoatra ny 1 000 any Seychelles ary mihoatra ny 800 any Comores.



## **Fomba Fiasa ifoton'ny fahasalamana ara-pananahana**

Ny fandaharanasa mampiditra ny fahasalamana ara-pananahana dia midika fa mihoatra ny tombontsoa azon'ny fokonolona, fa tsy fahalalana ifotony ny fandrindram-piterahana sy ny loza mety ateraky ny fanaovana firaisana ara-nofa tsy voaaro fotsiny. Ho tohin'izany, ny fanantonana tobim-pahasalamana ara-pananahana dia mitaky ny fahavononan'ny fokonolona tsirairay. Noho ny mahasaro-pady ny ny lafiny ara-koltoraly ny fahasalamana ara-pananahana, dia ilaina mihitsy ny mahazo ny fanohanana ny lehiben'ny fokontany, alohan'ny hanombohan'ny asa manodidina ny fahavononan'ny fokonolona.

Ny solontenam-panjakana eo an-toerana, ny komitim-pokontany, ny lehiilahy sy ny vehivavy to-teny, dia tokony hakana hevitra alohan'ny hanombohan'ny asa. Tokony hazava nefa ny tanjona trararin'ny fandaharanasan'ny fahasalamana ara-pananahana, sy ny fomba fampandrindrany amin'ny sanda andrianin'ny fiaraha-monina ary ny tanjon'ny fampandrosoana.

Ny lafiny manahirana na ny fady ara-koltoraly, dia, tokony ho dinihina mba hialana amin'ny olana mety hitranga. Matetika ny lehiben'ny fokontany dia miasa saina amin'ny resaka fady sy ny fomba ny fiaraha-monina, rehefa amin'ny dingana voalohan'ny tetikasa, nefa milamina izy ireo rehefa hitany fa mitombo ny fanohanana ny fahasalamana ara-pananahana.

Raha toa ny filohan'ny fokontany vao sambany ny misedra zany, dia tokony hisy hetsika sy asa homanina, mba ahafahan'izy ireo mahazo haizatra bebe kokoa amin'ny tombontsoa amin'ny fampiasana ny fahasalamana ara-pananahana,

fa raha vao atolotra ny olona ny safidy, ny ankamaroany dia hampiasa an-tsitrabo ny fanabeazana aizana amin'ny fotoana iray ao anaty ny fiainany.

Rehefa mahazo alalana hanomboka, ny asa fampahafantarana ny fahasalamana ara-pananahana ho anaty ny ezaka hitantanana sy hanabeazana dia afaka atomboka. Ny tanjona dia ny hahazoan'ny fikambanana fitantanana eo an-tanàna toy ny fikambananan'ny mpanjono, ny fikambanana tetikasa fitantanana, fikambananam-behivavy, fikambanana miaro ny tontolo iainana, mba hampiroborobo ny fandrindra fiainam-pianakaviana (FFP) sy ny fanabeazana ara-pananahana.

Tokony hamporisihina ireo fikambanana ireo handray anjara, hanampy ary hitarika ny hetsika momba ny fanabeazana ara-pananahana, hizara ny hafatra sy ny tokony ho fantarina momba ny fahasalamana ara-pananahana. Ny fanabeazana eo amin'ny mitovy saranga dia tokony hamafisina amin'ny fotoana rehetra satria io dia fomba iray tena mahomby hanaparitahana hafatry ny fanabeazana ara-pananahana. Ny fikambanam-pokonolona maromaro dia tokony amporisihina handray anjara amin'ny hetsika sy ny asan'ny fanabeazana ara-pananahana mba ho fomba ahazoany fahalalana momba azy, mba ahafahany manaparitaka izany amin'ny fokonolona hafa amin'ny alalan'ny fikambanana voatsanagana ara-dalana na tsia.

Amin'ny toerana lavitra, ny fomba fizarana eo imason'ny fokonolona fia mahomby kokoa mba hanatsarana ny fiasan'ny FFP. Ny fomba fizarana eo amin'ny fokonolona dia natao hiasa eo ampiantsoana ny mpikambana eo an-toerana, matetikaireo izay efa mahazo taona, ny vehivavy azo itokisana hanome hevitra ny fokonolona

amin'ny fifidianana ny FFP sy hanome karazany maro isafidianana. Ny fizarana eo an-toerana dia mampihena ny saran'ny asan'ny fanabeazana ara-pananahan ho an'ny vehivavy ao, izay mandray ny ONG miasa ho an'ny tetikasa fanabeazana ara-pananahana (FAP).

Misy karazana FFP sy aretina azo avy amin'ny firaisana tsy afaka ho raisina an-tanana mety tsara amin'io fizarana eo am-pokonolona io, ka tokony alefa amin'ny mpitsabo na toeram-pitsaboana akaiky indrindra. Ny fizarana an-tanana dia tokony mila mandrakariva ny fanampiana sy fanaraha-mason'ny fikambanana mpanampy.

Matetika io fikambanana mpanampy io dia mety ho ONG misahana manokana ny FAP, izay mahazo fanampiana ara-pahalalana sy ara-pitaovana avy amin'ny fikambanana mpanampy hafa mpikarakara. Ny fikambanana toy ireo dia afaka mitondra fanampiana ny FAP ho an'ny fokonolona, izay mety ho vitsy na lavitra loatra ahafahan'ny ONG ny FAP hiasana, fa efa misy ONG fitantanana miasa sahadry.

### **Ny fampidirana ny mponina, ny fahasalamana ary ny tontolo iainana**

Mety ho sarotra amin'ny fikambanana (toa an'ireo ONG miandraikitra manokana ny fitehirizana), izay tsy zatra miaraka amin'ny sehatry ny fahasalamam-bahoaka, ny hampiditra ny sampan-draharahan'ny fahasalamana sy ny fanabeazana amin'ny lahasa ataony.

Mety ho sahirana ny mpiasan'ny ONG sasany, hilazalaza momba ny fahasalamana sy fanabeazana ara-pananahana amin'ny fokonolona, na ny fahatsapana fa izany asa izany dia tokony ho anjaran'ny dokotera sy ny mpitsabo mpanampy.

Kanefa, ny tombotsoan'ny fanantonana miaraka dia tsy maintsy hahomby eo anatrehan'ny fahasarotan'ny fizaram-pahalalana amin'io lahasa vaovao io.

Ny asa sahanin'ny FFP dia tian'ny mponina matetika, indrindra aorian'ny taona iray, rehefa tena mahatsapa ny tombotsoan'ny fifanelanelanana sy ny famerana ny zaza ateraka ny vehivavy. Amin'ny lafiny hafa, tena zavadehibe ny fomba ampiasain'ny FFP ho fampihenana ny antony lehibe fototry ny fitomboana diso tafahoatra ny mponina.

Ho fahombiazan'ny fiaraha-miasa eo anivon'ny fitazomana ny FFP sy ny lahasa hafa, izao no tokony atao:

- Omena ireo mpiasan'ny ONG sy ny fianakaviany ny fampiasana ny FFP.
  - Ampitomboina ny fahalalana ary ampanandrosoana ny fisainana amin'ny fisokafana sy ny fanekena.
- Omena fampahalalana fototra mikasika ny FFP ny mpiasa rehetra (tsy ireo mandeha a n-tsaha ihany).
  - Manatsara ny fisehon'ny fahasalamana eo anivon'ny mpiasa.
- Manome fahalalana izay afaka zaraina amin'ny fokonolona, sao misy fanontaniana mipetraka (tsy voatery mamaly fanontaniana rehetra ny mpiasa fa afaka mitarika azy ireo any amin'ny tompon'andraikitra mifanandrify aminy).
- Fampidirana ny hafatry ny FFP sy lahasa fanajariana.
  - Ohatra: hafatry ny FFP anaty gazety, fanentanana ny fokonolona momba ny fitaovana, fanarahamaso ataon'ny fokonolona (jereo boky gazety faha-VIII).



- Fanentanana mikasika ny FFP mandritry ny fisà bevata mikasika ny tontolo iainana sy fanajariana ary mandritry ny fetin'ny FFP.
- Ampiasaina ny fanontaniana mikasika ny fahasalamam-bahoaka amin'ny ankampobeny hifandray amin'ny FFP sy ny fanajariana.
- Tsipihina ny fifamatoran'ny fahasalamana sy ny tontolo iainana amin'ny alalan'ny fahasalamam-bahoaka sy ny rano fisotro madio:
  - Tsy fikajiana ara-pahasalama ny fako izay mitarika ny fahasimban'ny tontolo iainana sy ny aretina;
  - Fanajariana mahomby ny ala, ny renirano ary ny ony, hahatonga ny fahazoana rano ara-pahasalamana sy tontolo mamokatra bebe kokoa;
  - Ny fandrindram-piterahana dia mitarika ho any amin'ny fiainana salama sy mandroso, ary tsy hisy haterena amin'ny harena voajanahary.

## Famintinana

Amin'ny fampidirana ny fandaharana ny fanabeazana ara-pananahana amin'ny asa fitantanana an-dranomasina, dia afaka manome tombony ampiasaina eo no eo sy maharitra ho an'ny FAP, ny filaminana ara-tsakafo ary ny fitantanana ny tontolo manodidina. Ny fianakaviana afaka mahazo fanabeazana aizana azo antoka sy mahomby sy afaka manatona ivo-toeran'ny fanabeazana ara-pananahana, dia hanararaotra hisafidy: oviana sy firy ny zaza hateraka. Izany dia midika indraindray foana ny fampihenana goavana ny taham-piterahana, izay mampiaiina ny ho avin'ny fanerena ny harena an-dranomasina.

Noho ny maha mpitarika fokonolona na mpiasan'ny ONG fitantanana, zava-dehibe ny fahazoana ny fifamatoran'ny fitomboan'ny mponina sy ny fampiasana harena. Ilaina koa raha afaka mamantatra ny karazany lehibe ny fanabeazana aizana ny mpikambanan rehetra, ao anatin'izany ny tombotsoa sy ny lafiratsiny, eo koa ny aretiana azo avy amin'ny firaisana ara-nofo efitra izay hita matetika. Ho feno ny fahalalanareo ka afaka mamaly ny fanontaniana lehibe mikasika ny tombotsoan'ny vahoaka manontolo, ny fahasalamana ary ny tonotlo iainana.

## Fahalalana ho an'ny mpampianatra

Misy tantara sy hafatra tsy tanjo isaina mikasika ny fahasalamana sy ny fanabeazana ara-pananahana izay aparitaka amin'ny alalan'ny tantara an-tsary. Ity misy tantara an-tsary iray ohatra amin'izany. Izay natokana ho an'ny tovovavy. Ny tovovavy matetika sarotra azo noho ny vehivavy lehibebe noho izy ireo mora vaotariky ny fahalalana tsy mari-pototra (namana, tsaho, horonantsary) ary mety tsy dia mifanerasera amin'ny ONG sy ireo sampandraharam-panjakana noho izy ireo tsy dia manatrika matetika fivoriam-pokonolona. Ny tantara an-tsary no fomba mety ahomby ahazoana olona noho ireo boky ireo azo zaraina amin'ny tranom-pokontany sy an-tsekoly. Eny amin'ny tontolo ambanivohitra, maro ny olona mbola tsy nahita tantara an-tsary teo aloha, indrindra mikasika ny tovovavy, izay manambara ny toetoetran'ny vatan'izy ireo manokana andavanandro.

Azo zaraina malalaka ny tantara an-tsary, fa miantraika kokoa izy raha vakiana anatin'ny vondron'olona, ary fakafakaina avy eo. Ireo mpianatra lehibe dia tokony entanina hamorona kilalao mikasika ny tantara ary mampita izany amin'ny tanàna na amin'ny sekoly. Azo atao ohatra na modely koa izy io, miaraka amin'ny





mampianatra izay manentana ny mpianany hampiroborobo ny tantara an-tsariny ireo manokana koa na hilalao tahaka azy mitantara ny fanampiana amin'ny fananahana.

Ity manaraka ity ny lisitry ny hafatra voalohan'ny tantara an-tsary. Mandritry ny famoronana ny fitaovana fanampin'ny fanabezana, dia hita fa tena ilaina ny mifantoka amin'ny hafatra fototra vitsivitsy. Tokony halalinina izy ireo amin'ny alalan'ny tombana matetika ny fihetsika sy ny toetran'ny olona tiana iantefana (amin'it lafiny ity ny tovovavy).

- Ny fomba fanabezana aizana no zavatra manara-penitra azon'ny tanora ampiasaina
- Raha ampiasaina amin'ny tokony ho izy ny fanabezana aizana, dia tena azo antoka
- Afaka ahazoana fahombiazana sy fiainana salama ny fanabezana aizana.

## Fanampiny A: ny fijery ankampobeny ny karazana fomba fanabeazana aizana

FOMBA FANABEAZANA AIZANA	AHOANA NY FAMPIASANA AZY
Ny fimailo	Mandrakotra ny filahiana mihenjana izy mba tsy handefa ny tsirinaina mivantana any amin'ny vehivavy.
Ny pilina (atelina)	Manakana ny tranon-jaza tsy hamoaka atody isam-bolana. Mampatevina ny hoditry ny fantson'ny vehivavy hitazona ny tsirinaina tsy hikasika atody. Mampanify ny hoditry ny tranon-jaza mba tsy handraisany atody vanona.
Ny ovule (pilina misy progesterone ihany)	Mampatevina ny hoditry ny fantson'ny vehivavy hitazona ny tsirinaina tsy hikasika atody. Mampanify ny hoditry ny tranon-jaza mba tsy handraisany atody vanona.
Depo Provera (tsindrona)	Mampatevina ny hoditry ny fantson'ny vehivavy hitazona ny tsirinaina tsy hikasika atody. Mampanify ny hoditry ny tranon-jaza mba tsy handraisany atody vanona.
Implanon (asisika amin'ny sandry)	Mitazona ny tranon-jaza tsy hamoaka atody isam-bolana. Mampatevina ny hoditry ny fantson'ny vehivavy hitazona ny tsirinaina tsy hikasika atody. Mampanify ny hoditry ny tranon-jaza mba tsy handraisany atody vanona.

NY TOMBOTSOANY	NY LAFIRATSINY
<p>Tena mahomby raha ampiasaina ara-dalàna. Tsy mampiasa fitaovam-pitsaboana hafa. Miaro amin'ny ankamaroan'ny aretina azo avy amin'ny firaisana sy ny VIH.</p>	<p>Mety manapaka ny fizotry ny firaisana. Raha diso fampiasa, mety mibolisatra na vaky. Hita fa tsy madio tsara, mampihenana ny fahafinaretana; ka tsy dia tsara.</p>
<p>Tsy mikasika ny filahiana. Tonga ara-potoana madio ary tsy dia marary ny fadimbolana. Manampy amin'ny fambara alohan'ny fadimbolana. Mampihena ny mony ho an'ny vehivavy sasany. Miaro amin'ny aretin'ny tranon-jaza.</p>	<p>Mety misy fiantraikany tsy maharitra any am-boalohany: mandoa, nono malemy, fiovan'ny lanja, aretin'andoha. Mety mampitombo ny tosi-drà. Tsy miaro amin'ny aretina azo avy amin'ny firaisana. Mety mampitsahatra ny fandehanan'ny rà amin'ny volana voalohan'ny fampiasana azy.</p>
<p>Tsy mikasika ny filahiana. Afaka ampiasaiana rehefa mampinono. Afaka ampiasaina amin'ny taona rehetra, indrindra raha mihoatry ny 35 taona na mifoka sigara. Manampy amin'ny fambara alohan'ny fadimbolana sy ny fadimbolana maharary.</p>	<p>Mety tsy ara-dalàna ny fahatongavan'ny fadimbolana na hijanona mihitsy. Tsy zava-doza. Tsy miaro amin'ny aretina azo avy amin'ny firaisana. Tokony ho tsaroana ny mihinana pilina amin'ny fotoana tsy miova isan'andro. Mety misy fiantraikany tsy maharitra amin'ny voalohany fampiasana azy; hoditra tasy, nono malemy, ny fiovan'ny lanja, aretinan-doha.</p>
<p>Afaka ampiasaiana rehefa mampinono. Tsy mikasika ny filahiana. Mila mahatsiaro fa mila mitsindrona isaky ny 3 volana. Manampy amin'ny fambara alohan'ny fadimbolana sy ny fadimbolana maharary.</p>	<p>Mety tsy ara-dalàna ny fahatongavan'ny fadimbolana na hijanona mihitsy. Tsy zava-doza. Mety hitombo lanja ny vehivavy. Mety misy fiantraikany tsy maharitra amin'ny voalohany fampiasana azy; hoditra tasy, nono malemy, ny fiovan'ny lanja, aretinan-doha. Raha vao vita ny tsindrona, dia tsy mitohy ny fiasany. Raha misy fiantraikany ratsy dia mila miandry ny 3 volana fahatapera'ny fiasany vao afaka. Tsy azo antoka, na ahazo zaza tsy amin'ny habeny.</p>
<p>Miasa mandritry ny 3 taona, tsy mila mitadidy fihinana pilina na hiandry ny tsindrona manaraka. Manome tombony ho an'ireo fanabeazanaizana ireo. Tsy mikasika ny filahiana. Manampy amin'ny fambara alohan'ny fadimbolana sy ny fadimbolana maharary. Miaro amin'ny aretin'ny tranon-jaza. Miverina ny fahafahana miteraka ara-dalana rehefa miala ny fitaovana asisika.</p>	<p>Mety tsy ara-dalàna ny fahatongavan'ny fadimbolana na hijanona mihitsy. Tsy zava-doza. Mety misy fiantraikany tsy maharitra amin'ny voalohany fampiasana azy; hoditra tasy, nono malemy, ny fiovan'ny lanja, aretinan-doha. Misy fomba arahina. amin'ny fanasisihana azy sy fanatsoahana azy. Tsy miaro amin'ny aretina azo avy amin'ny.</p>

## Fanampiny B: ny fijery ankampobeny ny areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana

MST	ANTONY/ FIFINDRANY	FISEHONY/ SORITRARETINA	FITSABOANA	FISOROHANA
<b>Chlamydia</b>	Firaisana ara-nofotsy voaaro. Avy amin'ny reny makany amin'ny zaza eo ampiterahana.	Misy tsiranoka eo amin'ny filahiana sy ny fivaviana, fanaintainana an-damosina ambany ho an'ny vehivavy. Fanaintainana na mandeha rà aorian'ny firaisana.takodimia eo ampiterahana. Mety tsy hisy soritr'aretina.	Antibiôtika pilina.	Fampiasaina fimailo. Fiarahana amin'ny olona vitsy olona tokana no iarahana.
<b>Gonorrhée</b>	Firaisana ara-nofotsy voaaro. Avy amin'ny reny makany amin'ny zaza eo ampiterahana.	Misy tsiranoka eo amin'ny filahiana sy ny fivaviana, fanaintainana an-damosina ambany ho an'ny vehivavy. Fanaintainana na mandeha rà aorian'ny firaisana.takodimia eo ampiterahana. Mety tsy hisy soritr'aretina.	Antibiôtika pilina.	Fampiasaina fimailo.
<b>Farasisa</b>	Firaisana ara-nofotsy voaaro. Avy amin'ny reny makany amin'ny zaza eo ampiterahana. Amin'ny fikasihana ny rà/fitaovana mikasika rà.	Vay amin'ny taova-pananahana, fivontosan'ny atoditarimo, feno boty tanteraka ny vatana.	Tsindrona antibiotika.	Fampiasana fimailo. Fampiasana fitaovana voadio.
<b>VIH</b>	Firaisana ara-nofotsy voaaro. Avy amin'ny reny makany amin'ny zaza eo ampiterahana. Amin'ny fikasihana ny rà/fitaovana mikasika rà.	Tsy misy soritraretina. Fivontosana manontolo ny atoditarimo, fanaviana maharitra, fisian'ny body amin'ny hoditra, fihenandanja, sns.	Tsy misy fitsaboana. Anti-retro viral manampy amin'ny tsy hiovaovan'ny herin'ny virus sy manalava ny andro iainana.	Fampiasana fimailo. Fampiasana fitaovana voadio.

# ROSE'S ADVENTURE

INDIAN OCEAN COMMUNITY CONSERVATION HANDBOOK 9  
**SEXUAL AND REPRODUCTIVE HEALTH**  
BY SHAWN PEABODY, FANJAVOLA RAKOTOZAFY

AUDIENCE: COMMUNITY MEMBERS, COMMUNITY LEADERS  
ARTWORK: NADY RATSIMBAZAFY




**blue ventures**  
discovery through research

MacArthur  
Foundation

 Sida






TAMY TALOHA ELA BE ,NISY AMPELA  
MANA ANARA ROSE.NIPETRAKY TAMY  
TANA AMORONDRIAKE NO MIANATSY  
TAMY C.E.G.



MANAO AKORY TY  
FIERITRERETANA  
TY HOAVINAO  
ANAKE?



ZAHO TE HO RASAZY  
MAMA



FE MILA MIANATSE  
AMIN'NY UNIVERSITE



ZAHO TE HANAMPY TY VAHOAKY

SADY MANA FAMELOMAM -PO SOA



KA NAHO ZAY, MILA MIANATSE MAFY IHA FA TSY HO VARIA AMY TY LEHILAHY

EKA,EKA



SALAMA DR. FANJA,ZAHO MILA FANAMPIA KELIKELY AMY ANAKY AMPELAKO ROSE ZAY

SOA TY NIVOLANANAO AN'IZAY



FA HIVORY MIARAKY AMY TY AMPELA NO TY RENIN-JAZA MAROMARO AHO HIRESAKY TY MIKASIKY TY FAHASALAMAN'NY FITAOVAM-PANANAHA AHO FOLAKANDRO

SOA LY ZAO HO AVY ZAHAY


TY ANDRO MANARAKY NIFANENA TAMY DR. FANJA MPANENTA MIKASIKY TY FHASALAMA TY RENIN'I ROSE MIARAKY NAMANY REY.



AVY LA DIRECT MIFANKAHITA ANY TSIKA

NDAO MOA, FA BAKEO

MISAOTSY ANTSIKA IABY  
NIAVY, MAHAFINARITSE TY  
MAHITA ANAREO AVY MARO



KA AIA TY  
ROSA?



SOA HO AN'NY TY AMPELA  
TY MAMPIASA FANAFODY  
FANDRIDRA FITERAHA

TY FAMPIASA FANDRIDRA  
FITERAHA TSY MIDIKA HOE  
AFAKY MANAO ZE TIANAREO  
ATAO NAREO. FA MILA  
MITANDRY AVAO AMY TY  
ARETIN-DRATSY MIFINDRA AVY  
AMY TY FIRAIISA

LA MITANDREMA KOA TSY  
HO VARIA TY LEHILAHY AN-  
DAKILASY ANY NAHO MBO  
TE HAHAZO DIPLOMA NA  
KOA TE HIAKATSY  
UNIVERSITE

TY FANAFODY LA HIARO  
AMY TY VOHOKE TSY NIRY.  
KOA MIANKINA AMY TY  
FANAFODY AMPIASA LA  
MIARO ANAO AMY TY ARETY  
MIFINDRA AVY AMY FIRAIISA  
SASANTSASANY.







MATAHOTSY AHO  
VASA MISO RAHA  
AVONINY AHY  
AVAO.

TSY AZOKO TY  
ANTONY TSY  
NIAVINY, NEFA HI  
NANOME TOKY AHY  
FA HO AVY.





MAMPALAELO FA  
TSY NIAVY TY ROSE, I  
MILA NAHARE TY  
RAHA NIVOLANY  
TETOA




AKORY ROSE





















SOA AFAKY TY  
ALAHOLONAO NAHO  
MIPETRAKY HOY IO  
IHA

TOLIARA



MISY LEHILAHY  
MIPETRAKY  
RAIKY ROY

MANDEHANA  
MANANTO  
ENY VASA  
MILA NAMA  
AVAO I



MBA SOA  
KIVIRONAO.

MAHAZO  
OHIN'IO IHA  
NAHO MIASA  
AMY LALA




TENA MARINA

NANDEHA NANAO  
VAKANSY ROA  
HERINANDRO  
MIARAKY AY  
NAHODA ANTITSY  
BEVATA









TENA VERY AHO



ZAHO TE HO RASAZY FA TSY MAKORELY



TSY MANAN-DRALA AHO, TSY MANA FIANAKAVIA, TSY MISY FANANTENANA

LA TSY MISY FOMBA HOLIA

ANDRASO TSE

NANAHAKY ANAO KOA ZAHO TALOHA



LA NANIRY MBA NISY OLO NANAMPY AHY AHO



INTOY INDESO KIVIROKO RETOA

MISY LELAHY HAIKO ZAY MIVILY VOLAMENA NA ATOANDRO NA HALY









MANDINY TY  
VALINY TSIKA FA  
ZAHO TE  
HAPISEHO AMINAO  
TY FIAROVANAO  
TENA.


TENA MARINA FA  
TSY MAHA MOMBA  
RAHA RETIA?

AHA, VANDY  
ZAO



VAOVAO SOA  
TSY BEVOKY  
IHA

VO TSY MISY  
ARETY KOA



TSY  
VARIMBARIA  
SASY


TY ANDRO MANARAKY NIMPOLY  
NIANATSY ROSE LA AFAKY ROE TAO  
NAHAVITA TY FIANARA TAMY LYCEE



ANAKY  
AMPELAKO  
HILITSY  
UNIVERSITE  
VOALOHANY

I ROSE TY NIAMBONY TAMY TY  
FANADINA NATAONY AN-  
DAKILASY LA NEKE HIANATSY  
AMY UNIVERSITE MIKASIKY TY  
FIANARA RASAZY









Ity boky ity dia novatsian'ny Western Indian Ocean Marine Science Association (WIOMSA) vola, avy amin'ny alalan'ny famatsiam-bola laharana; MASHA/books/05/08. Ny fijery ambara eto dia an'ny mpanoratra, ka tsy voatery hitovy amin'ny fijerin'ny WIOMSA sy ny an'ny Sida. WIOMSA sy Sida dia mahazo alalana hamokatra sy hizara dika mitovy raha toa ka ho an'ny fanabeazana izany, afaka tsy mametraka maharitra ny zon'ny mpanoratra izay voalaza eto.

**blue ventures**  
discovery through research

309A/B Aberdeen House,  
22-24 Highbury Grove, London N5 2EA, UK  
Tel: +44 (0)20 7359 1287  
Fax: +44 (0)800 066 4032  
Email: [enquiries@blueventures.org](mailto:enquiries@blueventures.org)  
[www.blueventures.org](http://www.blueventures.org)